**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Fitiavana – Tanindrazana - Fandrosoana*
**----------------**
**ANTENIMIERAMPIRENENA**
**----------------**
**FITONDRAN-DRAHARAHAN'NY ASA FANAOVAN-DALÀNA**
**----------------**
**SAMPAN-DRAHARAHAN'NY LALÀNA SY NY FIVORIANA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALÀNA VOALOHANY**

TAONA 2018

FAMINTINANA IREO RIJAN-TENY LANY
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY –
*(26 febroary 2018 ka hatramin'ny 9 marsa 2018)*
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA-
*(10 marsa 2018 ka hatramin'ny 21 mars 2018)*
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHATELO
*(23 marsa 2018 ka hatramin'ny 03 avrily 2018)*
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHEFATRA
*(5 avrily 2018 ka hatramin'ny 16 avrily 2018)*

**16 avrily 2018**

**Volavolan-dalàna lany (13)**

| N° | Lohateny | Famintinana |
|---|---|---|
| **01** | **Lalàna laharana faha-2018-001** anomezan-dalana ny fankatoavana ny **satan'ny « Asian Infrastructure Bank » (AIIB)**<br><br>*<u>Fivoriambe</u> :*<br>*Antenimierampirenena :02/03/18 Antenimierandoholona : 07/03/19*<br><br>*Asam-baomiera :01/03/18* | Afaka mampindram-bola ity Banky ity, na manamora fahazoana misambo-bola ho an'ny mpikambana, ireo masoivohony, ny fitantanan-draharaha na ny fitsinjarana politika na rafitra na orinasa amperinasa ao amin'ny firenena.<br><br>Eo amin'ny sehatry Angovo, ny Fitaterana ary ny Fifandraisan-davitra, ny foto-rafitrasa sy ny famokarana ataon'ny tantsaha, ny fampidirana rano fisotro madio ary ny fiarovana ny tontolo iainana no tena ampiasan'ny **Infrastructure Investment Bank** (AIIB) vola<br><br>Izy ity dia famatsiam-bola mameno ny famatsiam-bola mahazatra. |
| **02** | **Lalàna laharana faha-2018-002** anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanekena famatsiam-bola ny **tetikasa fampanarahana toetr'andro ny tambazotran'ny lalana eto Madagasikara,** ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Eoropeana momba ny Fampiasam-bola (BEI)<br><br>*Fivoriambe :*<br>*Antenimierampirenena : 02/03/18*<br>*Antenimierandoholona : 07/03/18*<br><br>*Asam-baomiera : 01/03/18* | Kendrena amin'ity tetikasa ity ny hanatsarana ny fitaterana any amin'ny faritra avaratra sy atsimon'ny Nosy, indrindra moa fa ny fahafahana mampiasa seranana.<br><br>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola :<br>- Faharetan'ny famerenam-bola (maturité): *25 taona ka ao anatin'izany ny 7 taona tsy andoavana*<br>- Zanabola : taha miovaova *; hatao 2,163 aloha ny taha amin'ny taona 2018*<br><br>Ny Manamahefa momba ny Lalana eto Madagasikara (ARM) no Birao mpanatanteraka ny tetikasa.<br><br>Amin'ny taona 2021 no heverina hikatonan'ny Tetikasa. |
| **03** | **Lalàna laharana faha-2018-003** anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanekena fampisam-boram-bola famatsiam-bola ny | Araka ny fangatahan'ny Governemanta malagasy dia nampindrana vola mitentina enina hetsy sy telopolo tapitrisa (30.600.000) euros ny BEI ho famatsiam-bola ny tetikasa « JIRAMA ANDEKALEKA HYDRO EXPANSION » |

| | | |
|---|---|---|
| | Tetikasa «**JIRAMA ANDEKALEKA HYDRO EXPANSION**» ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Eoropeana momba ny Fampiasam-bola (BEI)<br><br>*<u>Fivoriambe</u> :*<br>*Antenimierampirenena :02/03/18*<br>*Antenimierandoholona : 07/03/18*<br><br>*Asam-baomiera :01/03/18* | Kendrena amin'ity tetikasa ity ny hambitomboana ny fahafaha-mamokatra sy ny hampihenana ny saran'ny famokarana herin'aratra.<br><br>Toy izao ny fepetran'ny famatsiam-bola :<br><br>- Habetsahan'ny vola samborina : *30 600 000 EUROS*<br>- Faharetan'ny famerenam-bola : *25taona ka ao anatin'izany ny 5 taona tsy andoavana*<br>- Zanabola : *1,546 %*<br><br>Birao mpanatanteraka : JIRAMA<br><br>Ny fiafaran'ny taona 2020 no voatondro hikatonan'ny Tetikasa. |
| **04** | **Lalàna laharana faha-2018-004** mikasika ny fandaminana sy fampanaraham-pitsipika ny famokarana antontanisa.<br><br>*<u>Fivoriambe</u> :*<br>*Antenimierandoholona : 02/03/1*<br>*Antenimierampirenena : 12/03/18*<br><br>*Asam-baomiera :* | Ity lalàna ity no amaritana ny foto-kevi-dehibe sy ny sehatra ara-drafi-panjakana ifehezana ny famokarana ataon'ny sampan-draharaha sy fikambanana misahana ny fampivoarana, ny famokarana ary ny fanapariahana antontanisa ôfisialy.<br><br>Hita ao ny famaritana ireo hevi-teny fampiasa matetika (and.2)<br><br>Ny tomponandraikitry ny antontanisa no mamokatra, manao fanadihadiana, manapariaka, mitsikera ny antontanisa ho an'ny daholobe. Azon'izy ireny atao, ka izyno tompon'antoka amin'izany, ny mampiandraikitra orinasa, toeram-piasana na orin-draharaham-panjakana na tsy miankina, ny fanangonana, ny fikarakarana, ny fanaovana fanadihadiana ireo torohay manana ny lanjany manokana sy ny manao fanadihadiana eo amin'ny sehatry ny antontanisa. Tsy maintsy ahazoana alalana eo amin'ny lafiny antontanisa sy fehezin'ny tsiambaratelon'ny fanadihadiana antontanisa sy ny fanadidiana hanome valin-teny ny fanadihadiana toy izany.<br><br>Ny tomponandraikitry ny antontanisa no manao izay hitovian'ny fahitana antontanisa ôfisialy ho an'ny mpanjifa rehetra.<br><br>Aseho amin'ny endrika mazava ny antontanisa ôfisialy, hay fantarina, mety sy mifanitsy amin'ny ilana izany ny fanapariahana azy, arahin'ny fitanisana ny torohay (métadonnées) sy ny fitsikerana antontanisa. |

| | | |
|---|---|---|
| | | Azo tsoahina avy amin'ny fanisam-bahoaka, fanadihadiana araka antontanisa na firaketana asa fiadidiana ny antontan-kevitra eo amin'ny lafiny antontanisa.Izany mety hahitana antontan-kevitra vokatry ny haitao findain'ny Torohay sy ny Fifandraisana an'ny fanjakana na an'ny tsy miankina.<br><br>Ny kalitaon'ny antontanisa dia tsaraina amin'ny mason-tsivana eken'ny rehetra ho mety, eo amin'ny fahamarinana sy ny fahafaha-mitoky, ny fitohizana, ny firindra na fahafaha-mampitaha, ny fifandrifiana amin'ny fotoana, fifandrifiana amin'ny zava-misy ary eo amin'ny lafiny manokana mampiavaka azy.<br><br>Tsy maintsy mamaly ny filan'ny mpanjifa sy maneho taratra ny zava-misy amin'ny endrika marina sy azo itokiana zava-misy ny antontanisa ôfisialy ary apariaka ara-potoana sy tsy lany andro.<br><br>Ny Rafi-pirenen'ny Antontanisa Antontan'isa no mamatsy torohay antontanisa (art.41). Izany dia ahitana ireto :<br>- Ny Filan-kevi-pirenen'ny Antontanisa (CNS) ;<br>- Ny Ivotoeram-Pirenena momba ny Antontanisa (INSTAT)<br>- Ireo tomponandraikitry ny antontanisa hafa<br>- Ireo Toeram-pampianaram-pirenena momba ny Fanofanana ny Mpahay Antontanisa.<br><br>Avy amin'ny teti-bolam-panjakana, teti-bolan'ny vondrombahoaka ifotony ary ny an'ny orindraharaham-panjakana, ny sehatra tsy miankina ny famatsiam-bola ny lahasan'ny rafitra antontanisa. Naorina araka izany ny Tahiry Fampandrosoana ny Antontanisa (FDS) mba hikaroka sy hitantana ny loharanom-bola ho famatsiana ny lahasa fototry ny Rafi-pirenen'ny Antontanisa (Système Statistique National).<br><br>Ny injenieran'ny antontanisa nahavita fianianana avy ao amin'ny INSTAT sy ny tomponandraikitry ny antontanisa hafa no manamarina ny fisian'ny fandikan-dalàna eo amin'ny lafiny fitantanan-draharaham-panjakana fa ny Manampahefana mpikaroka fandikan-dalàna sy ireo injenieran'ny antontanisa hafa kosa manamarina ny heloka ara-tsazy (infraction pénale). Ny Filankevi-pirenen'ny Antontanisa dia afaka mamoaka sazy toy ny fampitandremana, fampiatoana na fisintonana ny fanomezan-dalana eo amin'ny lafiny antontanisa, sazy vola. |

| | | |
|---|---|---|
| | | Raisin'ity lalàna ity ho heloka ny:<br>- Tsy fetezana hamaly ny fanadihadiana nahazoana alalana hamokatra antontanisa ao anatin'ny fe-potoana izay voatondro hanaovana izany :<br>- Ny finiavana hanome valinteny diso mandritra ny fanadihadiana nahazoana ny alalana hamokatra antontanisa.<br>- Ny fanaovana fanavaozana lehibe amin'ny fanangonana na fikirakirana ny angon-kevitra ka misy fiantraikany amin'ny angon-kevitra ananganana Antontanisa ho an'ny daholobe tsy mifampidinika amin'ny Ivotoeram-pirenen'ny Antontanisa na amin'ireo tomponandrakitry ny antontanisa hafa (and.70)<br>- …….<br><br>Tsy manankery ny asa natao tsy misy fahazoan-dalana avy amin'ny CNS.<br><br>Mety ho lamandy na fampidirana am-ponja no mihatra amin'izay mandika ny fepetran'ity lalàna ity na koa mety ho izy roroa miaraka mihitsy aza, arakaraka ny haben'ny fandikan-dalàna. |
| **05** | **Lalàna laharana faha-2018-005** anomezan-dalana ny fankatoavan'i Madagasikara ny **Fifanekena lasitra momba ny Dina Iraisam-pirenena momba ny Angovo avy amin'ny Masoandro**<br><br>*<u>Fivoriambe</u> :*<br>*Antenimierandoholona : 02/03/18*<br>*Antenimierampirenena : 12/03/18*<br><br>*Asam-baomiera : 06/03/18* | Araka ny andininy voalohany ao amin'ny Fifanekena lasitra, kendren'ny Dina iraisam-pirenena momba ny Angovo avy amin'ny masoandro ny hitondra vahaolana iraisana amin'ireo sakana mpiseho amin'ny fametrahana angovo avy amin'ny masoandro mifanentana amin'ny filan'ny tany mpikambana. Araka izany, dia ilaina tokoa ankehitriny ny fitrandrahana ny angovo avy amin'ny masoandro mba hisian'ny fitsitsiana.Ny firenentsika anefa tsy afaka mizaka samy irery ny lany amin'ity fampiasam-bola hamokarana ity ka izany no ilana an'izao Fifanekena lasitra izao mba hahafahana mahazo famatsiam-bola bebe kokoa sy hamahana ny olana eo amin'ny mpiasa manana fahaizana manokana.<br><br>Misokatra ho an'ireo tany manana loharanon-karena angovo avy amin'ny masoandro betsaka ka tafiditra ao amin'ny zana-pehintany adijady (tropique du capricorne) manontolo na amin'ny ampahany sady mpikambana ao amin'ny Firenena mikambana. Lasa mpikamba ao amin'ny Dinan'ny Angovo azo avy amin'ny masoandro ireo firenena nanasonia an'ity Fifanekena ity ka nahapetraka sompin-kevitra fankatoavana na fanekena.<br><br>Kendren'ny Dina iraisam-pirenena momba ny angovo azo avy amin'ny masoandro ny |

| | | |
|---|---|---|
| | | hananganana vovonam-piaraha-miasa eo amin'ny tany an-dalam-pandrosoana « manana loaharanon-karena angovo avy amin'ny masoandro betsaka » sy ireo tany mandroso manana ny haitao lasan-davitra momba ny angovo azo avy amin'ny masoandro. Tanjony koa ny hampihena ny saran'izany haitao izany sy ny hampiroborobo ny fanavaozana ara-haitao sy ny famatsiam-bola ho an'ny andian-tany Atsimo.<br><br>Any Inda no misy ny Foiben'ny Dinan'ny Angovo azo avy amin'ny Masoandro.<br><br>Ny fitondrana indiana no mpitahiry ny antontan-taratasin'ny Fifanekena lasitra. |
| **06** | **Lalàna laharana faha-2018-006** anomezan-dalana ny fankatoavna ny fifanekena fampindramam-bola mkasika ny fanampiam-bola ny **fanarenana ny Compagnie Air Madagascar ifanaovana'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Deutsche Bank AG, London Branch, amin'ny maha-Mpanelanelana azy, sy ny TMF Global-Services (UK) Limited amin'ny maha-Mpandraharaha azy.**<br><br>*<u>Fivoriambe</u> :*<br>*Antenimierandoholona : 05/03/18*<br>*Antenimierampirenena :12/03/18*<br><br>*Asam-baomiera :12/03/18* | Mba hiatrehana ny ny toe-draharaha ara-toe-karena sy ara-bola eo amin'ny Kaompania Air Madagascar dia tena ilaina ny fanavaozana ara-drafitra ny Kaompania Air Madagascar.Noho ny loharanom-bola manokan'iny Air Madagascar, dia ny fanjakana no miantsoroka ny 88 tapitrisa USD amin'ny trosany (izay mira 303 lavitrisa Ariary). Amin'ny Taratasim-bola sy ny findramam-bola any ivelany no heverin'ny fanjakana handoavana izany trosa izany.<br><br>Araka izany, ny Deutsche Bank AG, Lodon Branch dia nampindram-bola ny Governemanta malagasy ho fanampiana ara-bola ny fanarenana ny Kaompania Air Madagascar ka ny habetsahan'izany dia EFAPOLO TAPITRISA DOLARA AMERIKANA (40.000.000 USD).<br><br>Izany vola izany dia :<br>- andoavana trosa amin'ny mpampindram-bola;<br>- amerenana amin'ny ampahany ny « Bons du Trésor ».<br><br>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola:<br>- Habetsahany : *40 000 000 USD,*<br>- Faharetan'ny famerenam-bola : *7 taona ka ao anatin'izany ny taona iray tsy andoavana*<br>- Zanabola herintaona : *LIBOR 6 volana USD + 4,95%*<br>- Tambim-pamoaham-bola : *2%*<br>- Tambim-panelanelanana : *0,5%-n'ny vola samborina*<br>- Saram-piantohana : *0,75%*<br><br>180 andro aorian'ny fotoana mampanankery ny fifanekena no mikatona ny tetikasa. |

| | | |
|---|---|---|
| 07 | **Lalàna laharana faha-2018-007** anomezan-dalana ny fankatoavana ny **fifanarahanana fiantohana nataon'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Deutsche Bank AG, London Branch**, ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara, ny Tahry Afrikana momba ny Fampandrosoana (FAD) ary ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana (BAD) amin'ny maha-mpiantoka azy.<br><br>*Fivoriambe :*<br>*Antenimierandoholona :05/03/18*<br>*Antenimierampirenena AN : 12/03/18*<br><br>*Asam-baomiera :12/03/18* | Noho ny tsy fahampian'ny loharanom-bola manokan'ny Kaompania Air Madagascar dia niantsorohan'ny Fanjakana ny 88 tapitrisa dôlara amerikana (izay mira 303 lavitrisa Ariary) tamin'ny trosany.Amin'ny Bons de Trésor sy findramam-bola ivelany no heverin'ny Fanjakana hikarakarana izany trosa izany. Ho amin'izany, dia nanome fanampiam-bola ny Governemanta malagasy ny Deutsche Bank AG, London Branch.<br><br>Noho ny fangatahan'ny Deutsche Bank AG dia nanaiky ny Tahiry Afrikana momba ny Fampandrosoana (FAD) sy ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana (BAD) hiantoka ny telopolo tapitrisa dolara amerikana (30.000.000USD) amin'ny fandoavana ny trosa tsy maintsy aloan'ny Repoblikan'i Madagasikara amin'ny Deutsche Bank araka ny Fifanarahana fampisamboram-bola.<br><br>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola:<br>Habetsahany : *30 000 000 USD,*<br>Tambim-piantohana : 0,*75% manomboka eo amin'ny daty andoavan-trosa.* |
| 08 | **Lalàna laharana faha-2017-020** mikasika **ny Fehezan-dalàna momba ny Herin'aratra**<br>*(nampifanarahana tamin'ny fanapahan-kevitra faha- 22-HCC/D3 tamin'ny 12 desambra 2017 mikasika)*<br><br>*Fivoriambe :*<br>*Antenimierandoholona :05/03/18*<br>*Antenimierampirenena : 12/03/18*<br><br>*Asam-baomiera :12/03/18* | Ity lalàna ity dia efa lany teo anivon'ny parlementa tamin'ny 22 novambra 2017 saingy nambaran'ny HCC , araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-22-HCC/D3 tamin'ny 12 desambra 2017 mikasika ny lalàna laharana faha-2017-020, fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ireo andininy roa ireo. Ilaina noho izany ny fampifanarahana ny andininy faha-58 sy faha-68 amin'ny Lalàmpanorenana. Ho amin'izany indrindra dia :<br><br>1) Narindra ho toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha-58 andl.3:<br>*« Misy ny fanaraha-maso ara-pitsarana atao amin'ny Manamahefa Mpampanara-penitra ny Herin'aratra, indrindra eo amin'ny fampiasany ny fahefana hanasazy. Ity lalàna ity no miantoka ny fahaleovantenany ka izany dia miseho amin'ny fitantanana iombonana,* ***ny fombafomba fanendrena ireo mpikambana ao aminy,*** *ny fombafomba anendrena sy/na fandraisana ny mpiasa ao aminy, ny fepetra anatontosana ny fe-potoam-piasany, ny maha-fikambanana azy ary ny fizakan-tenany ara-bola. »*<br><br>2) Narindra ho toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha- 68(mikasika ireo izay hita ao amin'ny Firaisan-draharahan'ny Mpanara-maso (Collège des |

| | | |
|---|---|---|
| | | Commissaires):<br><br>*« **And. 68.** – Ny Firaisan-draharaha dia vondrona iaraha-mitantana ahitana mpikambana enina (6) antsoina isanisany hoe « Mpanara-maso ny Herin'aratra » ka ny :*<br><br>- ***Roa (02) solontenan'ny Fanjakana : ny iray tendren'nyMinisitra misahana ny angovo ary ny iray tendren'ny Minisitra misahana ny fikarohana siantifika ;***<br>- ***Iray(01) solontenan'ny Holafitry ny Injeniera, tendren'ny holafitra ;***<br>- ***Iray(01) tendren'ny Mpitrandraka eo amin'ny sehatry ny Herin'aratra, tendren'ny Mpitrandraka ;***<br>- ***Iray (01) solontenan'ny mpampiasa, tendren'ny fikambanan'ny mpampiasa na mpanjifa herin'aratra ;***<br>- ***Iray (01) solontenan'ny mpanjifa indostrialy, tendren'ny vondron'ny sehatra tsy miankina.***<br><br>*Ireo olona ireo dia fidina araka ny fahaizany manokana eo amin'ny lafiny teknika, lalàna ary toe-karena ary koa ny fahalalany ny sehatry ny Herin'aratra »* |
| **09** | **Lalàna laharana faha-2018-008** mikasika ny **fomba fisahanana ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka**<br><br>*<u>Fivoriambe</u> :*<br>*Antenimierampirenana :03/04/18*<br>*Antenimierandoholona : 10/04/18*<br><br>*<u>Asam-baomiera</u> :15/03/18* | Ity lalàna fehizoro ity no ifehezana amin'ny ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka.<br><br>Raisina ho mpifidy ny olom-pirenena malagasy tsy anavahana ny maha-lahy na maha-vavy, feno valo ambin'ny folo (18) taona, misitraka ny zo maha-olom-pirenena sy ny zo politika ary voasoratra ao amin'ny lisi-pifidianana.<br><br>Azo fidina, tsy anavahana ny maha-lahy na maha-vavy, ny olom-pirenena malagasy mahafeno ny fitsipiky ny didy aman-dalàna momba ny fifidianana.Tsy maintsy voasoratra ao anatin'ny lisi-pifidianana aloha izy ireny ary mahatratra ny taona takin'ny andraikitra maha-olom-boafidy. Rijan-teny manokana manavaka ny sokajim-pifidianana isanisany no anaovana ny fepetra ahafahana na tsy ahafahana milatsaka sy ny tsy fahafahana mampirafy andraikitra amin'ny fanaovana ny andraikitra maha-olom-boafidy.<br><br>Tsy maintsy mametra-pialana kosa ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta izay milatsaka |

| | | |
|---|---|---|
| | | amin'ny andraikitra maha-olom-boafidy rehefa nambara fa voaray ny filatsahany hofidina.<br><br>Ny Vaomieram-pirenena Mahaleo tena misahana ny Fifidianana (CENI) sy ireo fisampanany no misahana manontolo ny fandrafetana ny lisi-pifidianana ka mitana toerana goavana amin'izany koa ny fokontany.Misy ny Vaomiera ifotony momba ny fanisam-bahoaka atsangana eny anivon'ny fokontany mba hanisa ireo olona afa-mifidy.Misy ny fanavaozana ifotony atao isaky ny folo(10) taona. Na eo aza izany, raha misy ny antony ilana azy dia atao ny fanavaozana tanteraka na amin'ny ampahany. Ireo olom-pirenena izay tsy voasoratra tao anaty lisi-pifidianana ny anarany dia afaka mangataka ny hanoratana izany, ao anatin'ny roapolo (20) andro nanaovana peta-drindrina ny filazana ny fametrahana ny lisi-pifidianana ao amin'ny biraon'ny fokontany. Mbola ny CENI ihany koa no mikarakara ny karatry ny mpifidy.<br><br>Sivifolo andro (90) mialoha ny latsabato no mivoaka ny didim-panjakana anaikana ny mpifidy. Amin'ny main-tany kosa no atao ny latsa-bato raha tsy hoe noho ny antony tsy azo anoharana. (and.52).<br><br>Ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka dia toy izao : maharitra telopolo (30) andro ho an'ny fitsapan-kevi-bahoaka, telopolo (30) andro ho an'ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana filoham-pirenena, ary fito(7) andro miala eo amin'ny fanambaràna amin'ny fomba ofisialy ny voka-pifidianan'ny fihodinana voalohany ho an'ny fihodinana faharoa, dimy amby folo (15) andro ho an'ny fifidianana solombavambahoaka sy senatera ary koa ny eny anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (and.56). Efatra amby roapolo (24) ora alohan'ny latsabato foana no mifarana ny fampielezan-kevitra.<br><br>Malalaka ny fampielezan-kevitra saingy misy ny fitsipika tsy maintsy arahina : malalaka ny famoriam-bahoaka rehefa nanaovana filazana mialoha, azo atao ny mampiasa tambazotra sosialy…Tsy maintsy mijanona ho elanelam-panahy ary tsy miandany ny Fanjakana. Tsy afangaro amin'ny asan'ny antoko politika ny asa rehetra sahanin'ny mikambana ao amin'ny fahefana mpanatanteraka. Ireo mpiasam-panjakana sivily sy miaramila, ny mpiasan'ny Vondrombahoakam-paritra, izay takina ny tsy hiandaniany amin'ny atsy na aroa dia tsy mahazo mandray anjara amin'ny fampielezan-kevitra hifidianana mpilatsaka hifidiana, lisitra na safidy.<br><br>Zava-baovao ao amin'ity lalàna ity koa ny fiheverana ny momba ny fandaniam-bola amin'ny |

| | | |
|---|---|---|
| | | fifidianana sy ny tsy maintsy ananan'ny mpilatsaka hofidina ny kaontim-pampielezan-kevitra (compte de campagne). Ilay voalohany dia ny fandaniana nataon'ny ankolafy voakasiky ny filatsahan-kofidina mba hampandresena ilay mpilatsaka hofidina na ilay safidy amin'ny fahazoana vato eo amin'ny fari-pifidianana misy ilay mpilatsaka hofidina na ilay safidy. Ilay faharoa kosa dia mitatitra ny vola miditra sy ny fandaniana amin'ny fifidianana na amin'ny fitsapan-kevi-bahoaka. Mpitahiry vola tendren'ny mpilatsaka hofidina na ny mpirona amin'ny safidy no mitantana ny kaontim-pampielezan-kevitra fa ny Vaomiera mpanara-maso ny lafiny ara-politika (Commission de contrôle de la vie politique) kosa no manao ny fanamarinana araka ny lalàna ny fikirakirana ny kaonty dia ny fanaraha-maso ny maha-ara-dalàna ny vola miditra sy ny fifantohan'ny fandaniana amin'ny fifidianana.<br><br>Tsy azo atao manitsakitsaka ny fahafahana maneho hevitra ny fampiasana ireo fitaovana entina manao ny fampielezan-kevitra.Tsy maintsy ao anatin'ny toetra mendrika no ampiasana azy ireny.Ny fampielezan-kevitra dia tsy azo atao eny amin'ny toeram-pivavahana, toeram-piasana, toeran'ny fitantanan-draharaham-panjakana na toby miaramila. Voarara ny fampiasana ny sainam-pirenena sy ny tombon-kasem-panjakana.<br><br>Misy ny fitsipika arahina amin'ny peta-drindrina na eo amin'ny endriny sy ny toerana ametahana izany, na eo amin'ny toe-javatra anaovana izany.Tsy azo atao ny manao fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana.Voarara koa ny manala na mandrovitra ny peta-drindrin'ny mpilatsaka hofidina hafa. Azo atao kosa ny mitady fanomezana maimam-poana amin'ny alalan'izy ireny (and.76)<br><br>Mba hisian'ny fitoviana, mandritra ny fampielezan-kevitra, dia tsy maintsy mitovy tantana ny faharetan'n fandraisam-pitenenana eny amin'ny haino aman-jerim-panjakana sy ny an'ny tsy miankina.Ny Manamahefam-pirenena Fampanaraham-penitra ny Serasera alefa amin'ny Haino aman-jery (ANRCM)(Lohateny IV, toko II ao amin'ny lalàna laharana faha-2016-029 anaovana ny fehezan-dalana mikasika ny serasera alefa amin'ny haino aman-jery) no miantoka ny fisitrahana ny fampielezam-peo sy fahitalavitra, an'ny fanjakana sy an'ny tsy miankina, ho an'ny mpilatsaka hofidina, lisitra mpilatsaka hofidina ary koa ireo mpanohana azy.<br><br>Tsy maintsy mitondra ny anjarabirikiny amin'ny fanontana printy ny taratasin-datsabato tokana hampiasaina amin'ny fihodinana faharoa izay milatsaka hifidina amin'ny fihodinana |

| | | |
|---|---|---|
| | | voalohany.Izay mpilatsaka hofidina mahazo farahafaratsiny ny 10%-n'ny vato manankery no averin'ny fanjakana ny laniny tamin'ny fanontana printy ny taratasin-datsabato.<br><br>Afaka manana delege miampy ny mpisolo azy ny mpilatsaka hofidina ka ao anatin'ny 15 andro mialoha ny vaninandro anatanterahana ny latsabato no anaovana izany.Tsy indray miara-miasa ireo delege roa ireo.<br><br>Avahan'ny rijan-teny tsara ny hoe birao fandatsaham-bato (bureau de vote) izay tsy inona fa ny trano anatanterahana ny fifidianana sy ny biraom-pifidianana (bureau électoral) izay rafitra ifotony mitarika sy manara-maso ny latsabato ao anatin'ny birao fandatsaham-bato. Ny biraom-pifidianana dia ahitana Filoha iray(1), Filoha lefitra iray (1), mpanampy roa (2), mpitantsoratra iray(1). Tsy maintsy mahavaky teny sy mahay manoratra ny filohan'ny biraom-pifidianana.Izy no mitandro ny filaminana ao amin'ny Birao fandatsaham-bato.<br><br>Amin'ny enina(6) ora maraina no misokatra ny latsabato ary mikatona amin'ny dimy(5) ora hariva. Ny karapanondro sy ny karatra maha-mpifidy no manamarina ny maha-mpifidy kanefa raha tsy misy ny kara-panondro dia azo ampiasaina ihany koa ny taratasy fanamarinana toy ny fahazoan-dalana hamily fiara, ny pasipaoro.<br><br>Afaka mandatsa-bato eo amin'ny toerana nandefasana azy ireo tomponandraikitry ny fifidianana (164) sy ny mpanara-maso eto amin'ny firenena.<br><br>Ny taratasin-datsabato tokana no ampiasaina..Miafina ny latsabato ary tsy misy ny fanomezam-pahefana hisolo amin'ny fandatsaham-bato.Ranomainty tsy hay fafana no anamarinana ny fahavitan'ny latsabato.Tantera-pahazavana ny vata fandatsaham-bato (152). Misy ireo fepetra ahafahan'ny sembana mandatsabato.<br><br>Rehefa vita latsa-bato, dia ataon'ny filohan'ny biraom-pifidianana eo no ho eo ny fampisehoana sy fanononana ny vato tsirairay, vitainy eo no ho eo ary ampahibemaso ny fitanana an-tsoratra momba izany.Atao peta-drindrina eny amin'ny renivohitry ny Kaominina ireo tatitry ny fandatsaham-bato rehetra teny anivon'ny birao fandatsaham-bato rehetra ao amin'ilay Kaominina ka ireo tomponandraikitry ny fanaterana ny fitanana an-tsoratra no manao izany. |

| | | |
|---|---|---|
| | | Tsy azo atao birao fandatsaham-bato ny tranom-panjakana. Azo atao ihany anefa ny mandingana izany fitsipika izany amin'ny toe-javatra hita fototra.<br><br>Azo ekena ny fisian'ny mpanara-maso iraisam-pirenena rehefa voahaja ny didy aman-dalana manankery. Maimaimpoana koa ny anatontosan'izy ireny izany andraikitra izany.<br><br>Tendren'ireo mpilatsaka hofidina dimy ambin'ny folo (15) mialoha ny latsabato ny delege tompon-toerana sy ny mpisolo azy.<br><br>Ny Sampana misahana ny fanisam-bato no mampita, anaty fonosana mihidy, ireo antontan-taratasy rehetra nampiasaina tamin'ny raharaham-pifidianana miaraka amin'ny fitanana an-tsoratra ny asa sy ny taratasy fandefasana famintinana, any amin'ny CENI na any amin'ireo fisampanany.<br><br>Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no manapa-kevitra ny amin'ny taky noho ny fifanolanana mahakasika ny fitsapan-kevi-bahoaka, ny fifidianana Filohan'ny Repoblika, ny fifidianana solombavambahoaka sy senatera. Ny Fitsarana momba ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana no hany mitsara ny taky (requêtes) rehetra momba ny fifanolanana mikasika ny fifidianana eny anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ka tsy misy intsony fampakarana azo atao avy eo.<br><br>Hisy ny rijan-tenin-didy amam-pitsipika hanaovana ny fomba fampiharana ity Lalàna fehizoro ity rehefa misy ny ilana izany. |
| **10** | **Lalàna laharana faha-2018-009** mikasika ny **fifidianana Filohan'ny Repoblika**<br><br>*<u>Fivoriambe</u> :* | Araka ity lalàna fehizoro ity dia fidina hiasa dimy taona, amin'ny alalan'ny latsabato andraisan'ny rehetra anjara mivantana ny Filohan'ny Repoblika ka indray mandeha ihany no azo havaozana izany. Telopolo (30) andro raha haingana indrindra ary enimpolo (60) andro raha ela indrindra alohan'ny fahataperan'ny fotoam-piasan'ny filoha amperinasa no anaovana ny fifidianana. Telopolo(30) andro raha ela indrindra aorian'ny fanambaràn'ny HCC amin'ny fomba ofisialy ny voka-pifidianan'ny fihodinana voalohany no anaovana ny fihodinana faharoa (and.2 andalana 4). |

| | | |
|---|---|---|
| | *Antenimierampirenana :03/04/10*<br>*Antenimierandoholona : 10/04/18*<br><br>*<u>Asam-baomiera</u> : 09/03/18* | Mametra-pialana enimpolo (60) andro mialoha ny vaninandro anaovana ny latsabato ny mpilatsaka hofidina filoham-pirenena.<br><br>Izay mahazo ny antsasa-manilan'ny vato manankery no mandresy amin'ny fihodinana voalohany.Amin'ny fihodinana faharoa, izay mahazo ny vato be indrindra amin'ny vato manankery amin'ireo mpilatsaka hofidina roa nahazo ny vato be indrindra tamin'ny fihodinana voalohany kosa no mandresy raha toa ka tsy nisy nahazo ny antsasa-manila.<br><br>Sivifolo(90) andro raha kely indrindra alohan'ny vaninandro anatanterahana ny latsabato no ivoahan'ny didim-panjakana fanaikana ny mpifidy.<br><br>Tsy maintsy malagasy ilay mpilatsaka hofidina, tsy manan-keloka eo anatrehan'ny fitsarana, ara-dalàna eo anatrehan'ny didy aman-dalàna mifehy ny fifidianana sy ny fandoavan-ketra (and.6). Tsy maintsy alatsaka antoko politika iray miorina ara-dalàna izy na ny vondrona antoko politika mpiray dia miorina ara-dalàna, na iantohan'ny lisitra ahitana olom-boafidy miisa dimampolo amby zato(150) izay mpikambana ao amin'ny Parlemanta, Filankevitra kaominaly na monisipaly, Filankevitry ny Faritra, Filankevitry ny Faritany avy amin'ny Faritany telo (3) farafahakeliny.<br><br>Isan'ny taratasy takina eo amin'ny fanambaram-pilatsahana ny :<br>- « extrait de casier judiciaire Bulletin n°2 » avy amin'ny fampanoavana mahefa<br>- filazana tsy misy fitaka nahaloa ny haba sy hetra notakiana taminy rehetra;<br>- fanambaràna tsy misy fitaka milaza amin'ny antsipiriany ny fanana-mifaka (biens immeubles) na fananana manaraka (valeurs mobilières) izay an'ilay mpilatsaka hofidina ary koa ny vola miditra aminy.<br>- ….<br><br>Tsy maintsy mandrotsaka ny anjarabirikiny amin'ny lany amin'ny fanontana printy ny taratasin-datsabato any amin'ny « Caisse des dépôts et consignation » ny mpilatsaka hofidina.Izay mpilatsaka hofidina mahazo farafaharatsiny ny 10%-n'ny vato manankery tamin'ny voka-pifidianana ofisialy amin'ny fihodinana voalohany no averina ny anjarabirikiny.<br><br>Atao sosony roa(2) ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina ary apetraky ny solontena nomem- |

| | | |
|---|---|---|
| | | pahefana an'ny antoko politika na vondrona miara-dia nandrotsaka azy, na ny solontenan'ireo olom-boafidy niantoka ilay mpilatsaka mahaleo tena, ao amin'ny firaketan-draharahan'ny HCC.<br><br>Amin'ny fihodinana voalohany dia taratasin-datsabato tokana no ampiasaina.Amin'ny fihodinana faharoa kosa dia ny taratasin-datsabato tokana no ampiasaina na, raha misy ilana izany, dia ny taratasin-datsabato mandeha tsirairay amboarin'ny mpilatsaka tsirairay.<br><br>Telopolo(30) andro mialoha ny latsabato no anombohan'ny fampielezan-kevitra amin'ny fihodinana voalohany. Ho an'ny fihodinana faharoa kosa dia manomboka fito (7) andro alohan'ny latsabato izany . Mifarana foana efatra amby roapolo (24) ora alohan'ny latsabato ny fampielezan-kevitra.<br><br>Ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny Fifidianana (CENI) no manapaka sy mamoaka ny voka-pifidianana vonjimaika fito (7) andro aorian'ny nandefasan'ny Sampana misahana ny fanaterana voka-pifidianana na misahana ny fitanana an-tsoratra momba ny tsy fahafenoan'ny fepetra (procès verbal de carence) ny fonosana mihidy farany. (and.60 andl.1). Ny Fitsarana avo momba ny Lalàmpanorenana no mamoaka amin'ny fomba ofisialy ny voka-pifidianana raikitra roa amby roapolo (22) andro aorian'ny namoahan'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena momba ny Fifidianana ny voka-pifidianana vonjimaika.(and.61 ).<br><br>Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no mitsara ireo taky na fitsipahana mahakasika ireo sora-panapahana mialoha ny raharaham-pifidianana sy izay mahakasika ny fizotran'ny latsabato.Ny paika arahina itondrana ny raharaha eo amin'ny HCC dia atao araka izay voalazan'ny andininy faha-202 ka hatramin'ny 207 ao amin'ny lalàna fehizoro mikasika ny fomba fisahanana ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka.<br><br>Ny faharetan'ny ahafahana mampiakatra dia ferana ho roa(2) andro aorian'ny famoahan'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena momba ny Fifidianana ny voka-pifidianana vonjimaika (and.66 andl.2 ). |
| **11** | **Lalàna fehizoro laharana faha-2018-010** mikasika ny **fifidianana Solombavambahoaka** | Mifarana indray andro mialoha ny faha-5 taona itsingerenan'ny nanambaràn'ny HCC tamin'ny fomba ofisialy ny voka-pifidianana nahalany ireo mpikambana ao aminy ny fahefan'ny |

| | | |
|---|---|---|
| | **ao amin'ny Antenimierampirenena**<br><br>*<u>Fivoriambe</u> :*<br>*Antenimierampirenena : 03/04/18*<br>*Antenimierandoholona : 10/04/18*<br><br>*Asam-baomiera :27/03/18* | Antenimierampirenena.<br><br>Fidina hiasa dimy (5) taona amin'ny alalan'ny latsabato andraisan'ny rehetra anjara mivantana, ao anaty lisitra iray, misy fihodinana iray ka izay mahazo ny vato be indrindra no lany.Raha misy ny fitovian'ny vato dia izay be taona indrindra no lany.<br><br>Atao amin'ny didim-panjakana araka ny voalazan'ny andininy faha-70 ao amin'ny Lalàmpanorenana ny famaritana ny fari-pifidianana, ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena ary koa ny fitsinjaran'ny toerana.<br><br>Sivifolo(90) andro mialoha ny latsabato no ivoahan'ny didim-panjakana anaikana ny mpifidy.<br><br>Tsy maintsy mizaka ny zom-pirenena malagasy ny mpilatsaka hofidina solombavambahoaka, tsy manan-keloka ary ara-dalàna eo anatrehan'ny didy aman-dalàna momba ny fifidianana sy momba ny hetra (and.8 ).<br><br>Tsy azo ampirafesina amin'ny fisahanana asam-panjakana ankoatra ny fampianarana ny andraikitra maha-solombavambahoaka ary tsy azo ampirafesina aminy toy izany koa ny andraikitra eo anivon'ny fanjakana sy ny andraikitra any amin'ny firenen-kafa.Ny Solombavambahoaka misahana asam-panjakana ka lany dia miala avy hatrany amin'ny asany aloha ka afindra amin'ny andraikitra hafa telopolo (30) andro raha ela indrindra aorian'ny fanambaràna amin'ny fomba ofisialy ny voka-pifidianana raikitra.<br><br>Atolotr'ireo antoko politika miorina ara-dalàna na vondrona antoko politika miorina ara-dalàna na mahaleo tena ny filatsahana hofidina solombavambahoaka sy ny an'ny mpisolo azy.Tsy afaka manolotra afa-tsy mpilatsaka hofidina iray ao anatin'ny fari-pifidianana iray izy ireny fa raha tsy izany dia foana ny filatsahan-kofidina.<br><br>Tsy maintsy mandrotsaka ny anjarabirikiny any amin'ny « Caisse de dépôt et de consignation » ny mpilatsaka hofidina ho fanontana printy ny taratasin-datsabato ka averina aminy izany raha toa ka mahazo farafaharatsiny 10% amin'ny vato manankery izy rehefa mivoaka ny voka-pifidianana ofisialy. |

| | | |
|---|---|---|
| | | Atao telo (3) sosona ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina ary apetraka eny amin'ny fisampanan'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena momba ny Fifidianana (CENI) anivon'ny distrika. Ny fahazoana ny fanamarinana ny firaiketana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina dia midika ho fanomezan-dalana hanao fampielezan-kevitra.<br><br>Tsy maintsy atao avy amin'ny fanapahan-kevitry ny CENI miainga amin'ny tolo-kevitry ny fisampanany eny anivon'ny distrika ny listra sy ny izay hisy ny birao fandatsaham-bato enimpolo (60) alohan'ny latsabato.<br><br>Ny mpilatsaka hofidina sy ny solontenany dia mahazo kopia mitovy lanja amin'ny tena izy amin'ny fitanana an-tsoratra ny asa nataon'ny Sampana misahana ny fanisam-bato ary ny fitanana an-tsoratra ny latsabato<br><br>Ny CENI no manapaka sy mamoaka ny voka-pifidianana vonjimaika ao anatin'ny dimy ambin'ny folo (15) andro nandefasan'ny Sampana misahana ny fanisam-bato ny fonosana mihidy farany na ny fahavitan'ny fitanana an-tsoratra noho ny tsy fahafenoan'ny fepetra (procès verbal de carence)<br><br>Ny HCC no mamoaka ny voka-pifidianana raikitra ao anatin'ny enina ambin'ny folo (16) andro eo amin'ny namoahan'ny CENI ny voka-pifidianana vonjimaika. Izy no mahefa hitsara ny taky (requête) na fitsipahana mahakasika izay mitranga mialoha ny raharaham-pifidianana sy ny fizotran'ny latsabato.<br><br>Roa(2) andro aorian'ny namoahana ny voka-pifidianana vonjimaika no fe-potoana anaovana ny fampakarana enti-mitsipaka izany. Farafahaelany dia efatra amby folo (14) andro aorian'ny fahataperan'ny fe-potoana fanaovana ny fampakarana no anapahan'ny HCC momba ny fitakiana. Manolo ny fanambaràna amin'ny fomba ofisialy ny voka-pifidianana raikitra ny fanapahan-kevitry ny HCC.<br><br>Rehefa misy ny fahabangan-toerana dia mitondra ny raharaha eo amin'ny HCC ao anatin'ny fito (7) andro nisian'ny fahabangan-toerana ny Filohan'ny Antenimierampirenena. Ny mpisolo no mandray ny toerana banga. |

| | | |
|---|---|---|
| 12 | **Lalàna laharana 2018-011** manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny Lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny **loharanom-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba ifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fampandehanan-draharaha sy ny anjara raharahan'ireo rantsa-mangaika ao aminy**<br><br>*Fivoriambe :*<br>*Antenimierampirenena:10/04/18*<br>*Antenimierandoholona: mety ho 16/04/18*<br><br>*Asam-baomiera :01/03/18 sy 26/03/18* | Nisy ireo zava-manahirana tamin'ny fampiharana ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanom-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba ifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fampandehanan-draharaha sy ny anjara raharahan'ireo rantsa-mangaika ao aminy. Ny hisoroka izany no kendren'ity lalàna ity.<br><br>Ny zava-baovao nentin'ity rijan-teny fanovana ity dia mihompana indrindra amin'ny :<br><br>- Loharanom-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-paritra.<br>Apetraka ho an'ny Kaominina ny haba isan-taona alaina amin'ny môtô sy ireo fiara misy motera hafa tsy mitondra laharana izay an'ny fikambanana na vatantenan'olona monina ao anatin'ny Kaominina nanomboka ny voalohan'ny volana janoary amin'ny taona andraisana hetra.Toy izany koa ny cyclo-pousses sy ny fiara azo ampilaharina aminy.Eo amin'ny telo volana voalohanay amin'ny taona no itakiana izany haba izany avy amin'ny fanambaràna ataon'ny mpandoa ny haba. Misy ny tapakila misy sosony omena ho mariky ny fandoavana izany.(fanovana teny anivon'ny Vaomiera tomponandraikitra)<br><br>- Fombafomba fifidianana.<br>Fidina hiasa efatra (4) taona azo havaozina amin'ny latsabato andraisan'ny rehetra anjara mivantana ny Ben'ny Tanàna sy ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra kaominaly.Fidina hiasa efatra (4) taona azo havaozina amin'ny latsabato andraisan'ny rehetra anjara tsy mivantana ny Léhiben'ny Faritra sy ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitry ny Faritra, ny Lehiben'ny Faritany sy ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitry ny Faritany.<br><br>- Fandaminana sy ny fampandehanan-draharaha :<br>Misy ny fanazavana nentina tao amin'ny andininy faha-114. Nomena tao ny farafahabetsaky ny isan'ny tomponandrakitra eny anivon'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana : 02 ho an'ny Lefitra amin'ny Kaominina eny amin'ny Kaominina ambanivohitra, 03 ho an'ny Kaominina andrenivohitra ; 03 ho an'ny Lefitry ny Lehiben'ny Faritra sy ny Lefitry ny Lehiben'ny Faritany. Mikasika ireo mpikambana amin'ny kabinetra dia ferana ho dimy (5) farafahabetsany ho an'ny Ben'ny Tanàna andrenivohitran folo(10) farafahabetsany ho an'ny Lehiben'ny Faritra, ary dimy amby folo(15) ho an'ny Lehiben'ny Faritany. Tranga tsongaina kosa ny an'ny Kaominina andrenivohitra Antananarivo izay efatra amby |

| | | |
|---|---|---|
| | | roapolo(24) no isan'izany.<br><br>Azo atao ny mampiato tsy mihoatra ny telo(3) volana ny Filohan'ny rantsa-mangaika mpanatanteraka, noho ny hadisoam-pitantanana goavana, avy amin'ny fanapahan-kevitry ny Filankevitra ka atao amin'ny alalan'ny didim-pitondrana avoakan'ny Minisitra misahana ny Atitany izay mbola azon'ny Praiminisitra havaozina ho telo(3) volana.<br><br>- Lehiben'ny rantsa-mangaika mpanatanteraka iharan'ny fampidirana am-ponja vonjimaika :<br>Ny andininy faha-127 bis dia mitsinjo ny tranga iray tsy hita tao amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 amin'ny endriny taloha, dia ny momba ny lehiben'ny rantsa-mangaika mpanatanteraka iharan'ny fitazomana am-ponja vonjimaika.Ny iray amin'ny lefiny no misolo vonjimaika azy arakaraka ny laharan'ny fanendrena azy ireo. Raha mahazo fahafahana vonjimaika ilay olom-boafidy dia tsy afaka miverina amin'ny andraikiny izy mandra-pivoakan'ny didm-pitsarana raikitra avy amin'ny fitsarana mahefa.Raha toa ka tsy voaheloka izy, ka efa tapitra avokoa ny dingana fampakarana ady, dia afaka miverina indray amin'ny asany. Rehefa tsy izay kosa dia ambaeran'ny Fitsarana momba ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ny fisian'ny fahabangan-toerana, rehefa avy nentin'ny Solontenam-panjakana mahefa teo aminy ilay raharaha.<br><br>- Faritry ny kaominina<br>Hita ao amin'ny lalàna koa ny famahana olana ny famaritana ny kaominina izay mahakasika ny fokontany sasantsasany.<br><br>- Ireo zava-vaovao hafa :<br>Hadisoana goavana araka izay voatsinjo ao amin'ny andininy faha-258 ao amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 ny tsy fandefasana hanaovana fanamarinana ny fanarahan-dalàna ireo fanapahana mitaky ny fanaovana izany.Tsy maintsy alefa any amin'ny Solontenam-panjakana mahefa izy ireny mba hohamarinina araka ny lalàna. an<br>Ao anatin'ny telo(3) andro nandraisany ny andraikiny no andanian'ny Filankevitra ny fitsipika anaty mifehy azy, fitsipika izay tsy maintsy alefa hamarinin'ny Solontenam-panjakana mahefa ny fifanarahany amin'ny lalàna. |

| | | |
|---|---|---|
| **13** | **Lalàna laharana faha-2017-023 mikasika ny Faritra ara-toe-karena manokana**<br><br>*Fivoriambe :*<br>*Antenimierandoholona:21/03/18*<br>*Antenimierampirenena:03/04/18*<br><br>*Asam-balomiera :03/04/18* | Ity lalàna ity dia efa teo anivon'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriambe nataony avy tamin'nt 8 novambra 2018 sy 28 novambra 2018 saingy nambaran'ny HCC tamin'ny fanapahan-keviny laharana faha-01-HCC/D3 tamin'ny 17 janoary 2018 mikasika ny lalàna laharana faha-2017-023 fa misy tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ireo andininy sasantsasany ao aminy.<br><br>Ho amin'izany dia nisy ny fanamboarana tsy maintsy natao mba hampifanarahana ny lalàna amin'ny Lalàmpanorenana izay mahakasika andininy miisa 17 dia ny andininy faha-2,6,10,11,13,15,16,17,31-2, 39-2,46,65,67,82,90,95, ary108. |

## Famehezana izay voalaza

*Nandritra ireo fotoam-pivoriana tsy ara-potoana efatra nifanesy tamin'ny taona 2018 (26 febroary 2018-9 marsa 2018 ; 10 marsa 2018-21 marsa 2018 ; 23 marsa 2018-3 avrily 2018 ;5 avrily 2018-16 avrily 2018) dia 15 ny lalàna napetraka teo anivon'ny Antenimierampirenena ka ny :*

- ***telo amin'ny folo (13)*** *no lany ;*
- ***roa (2****) mbola nahemotra ny fandinihana azy, dia ny:*
    - *Volavolan-dalàna laharana faha-054/2017 tamin'ny 28 desambra 2018 mikasika ny ady amin'ny famotsiana renivola sy ny famatsiana vola ny asa fampihorohoroana*
    - *Volavolan-dalàna laharana faha-015/2017 tamin'ny 13 jona 2017 mikasika ny fakana sy famindrana ireo fananana tsy ara-dalàna*